



**Un visuel effectivement percutant... frappant !**




[**VIDEO EN MALAGASY ICI**]

**Alaotra Mangoro** no azo ambara ho faritra tena nankasitraka an'i  Jean Louis Robinson. Amparafaravola no tena nandrombahany vato be koa tamin'ny fihodinana  voalohany, satria avy any ny lehilahy. Tamin'ny fitondrana Ravalomanana  dia nirotsaka solombavambahoaka tany izy ka naka ambongadiny ny vaton'ny  mpifidy.

Nanaitra ny mpanara-maso kosa anefa ny fitsimbadihan'ny rasa tamin'ity fihodinana faharoa ity satria dia voasongon'i Hery Rajaonarimampianina izy tany amin' iny faritra Alaotra Mangoro iny.

Ankoatra ny fahadisoam-panantenan'ny mponina tany toy ny teto Antananarivo tamin'ny fahitana ireo fihetsika amam-pitondran-tenan'i Jean Louis Robinson nibaribarian'ny tsy fahamatorana, toy ny fimamoana imasom-bahoaka, sy ny foto-kevitra nijoroana, toy ny maha-mpikambana azy ao amin'ny *"Franc Maçon"*, sy ny hafa, dia nanampy trotraka ny fanalan'ny mponin'Alaotra Mangoro ny fitokisana azy koa ny fihetsiky ny mpiray tampo aminy any an-toerana.

Efa notaterinay teto ny fangoronan-tanin'olona ataon'ireo iray tampo amin'i Jean Louis Robinson, ary mirehareha mihitsy izy ireo fa *"iray tampo amin'ny filohan'ny Repoblika"*. Sahin'izy ireo ny mandrava ny volin'olona eny an-tanim-bary, ary mampihorohoro ny vadin-tany tokony hanao fitsirihana sy fanamarinana izany tranga izany. Hatramin'ny mahavoarohirohy ny mpiray tampo aminy amin'ny resaka ady heloka no isan'ny niteraka tsy fitokisan'ny olona azy any. Mbola vao kandida ve ianao dia efa izany sahady no afitsoky ny havanao sy ny iray tampo aminao, ary ianao tsy miteny na mandrara akory ireo havanao amin'izany, mainka fa tonga eo amin'ny fahefam-panjakana tokoa ianao ka tsy vao mainka ho loza ?

Etsy ankilany, nisy akony tany Alaotra Mangoro koa ny tandindon-dRavalomanana teo amin'i Jean Louis Robinson. Dia ny alok'Ingahy Ravalomanana izay nandravarava ny fiharian'ny mponina tany, na ny fakana an-keriny ny tanimbarin'ny vahoaka na ny fanambakana ny vahoaka tamin'ny vokatra nateraky ny hatsembo
hany, izay nahodina tao amin'ny orin'asa
*"Fanamby Rice"*
.

******************************************

« A la Cénit, la commission électorale malgache, on travaille même le jour de Noël. Et ce mercredi 25 décembre 2013, le cadeau de la maison a été la carte du vote par régions. On sait désormais combien d'électeurs ont voté, pour qui, et où sur le territoire. Sur cette carte (ci-dessus), on s'aperçoit qu'Hery Rajaonarimampianina est en tête au nord, au sud, à l'est, et à l'ouest du pays. Il est en tête dans 17 régions qui font le tour circulaire de la Grande Île.

Robinson Jean-Louis est, lui, en tête dans l'hyper centre du pays : la capitale, ainsi que quatre régions qui l'entourent. En comparant cette carte avec les résultats définitifs du premier tour, on note que la répartition des votes a conservé une même logique : les régions du centre

pro-Robinson Jean-Louis, dont la capitale, le restent ; toutes les autres régions, dans lesquelles des alliés ou d'anciens alliés d'Andry Rajoelina ont fait des scores élevés, sont passées au candidat Hery Rajaonarimampianina.» (Source : rfi.fr)

**Résultats au 26 décembre 2013, à midi :**

Hery Rajaonarimampianina : 51,62%

Jean Louis Robinson : 48,38%

« Info statistique non négligeable, les 10,19% (779 bureaux de vote) de ces bureaux de vote qui restent à comptabiliser se trouvent dans 5 régions (Analamanga, Itasy, Bongolava, Vakinankaratra et Betsiboka). Les 89,81% (6.860 bureaux de vote) de ces bureaux de vote se trouvent dans les 17 régions restantes ». (Source : orange.mg)

**Jeannot Ramambazafy – 26 décembre 2013**

**Résultats au 27 décembre 2013, à 5h 52:55**

Hery Rajaonarimampianina : 51,89%

Jean Louis Robinson : 48,11%